FILOHA RAVALOMANANA

# Nanamafy fa hanavotra ny firenena sy ny vahoaka Malagasy

Nifampiarahaba tamin'ny birao politikan'ny anto Tiako i Madagasikara (TIM), sy ireo mpiara-miasa aminy akaiky, ny filoha Marc Ravalomanana mivady, teny Faravohitra ny sabotsy voalohan'ny volana janoary, fankalazana ny taom-baovao teo. Tamin'izany no nanamafisan'ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, sady filohan'ny RMDM Marc Ravalomanana, fa vonona hanavotra ny firenena sy ny vahoaka Malagasy izy, amin'izao firenena latsaka an-katerena izao, noho ny tsy fahaiza-manaon'ny fitondrana tarihan'ny filoha Rajoelina. Tao aorian'ny 2021, taonan'ny fahasahiana, hoy i Dada, ho taonan'ny fijoroana ity taona 2022 ity. Tokony hisy ny fikaonandoham-pirenena hoy izy hanitsiana ny firafitry ny CENI, na ny Vaomierampirenena misahana ny fifidianana sy HCC, na ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana amin'izao fotoana. Efa nilaza ny filoha lefitry ny CENI teo aloha, fa nisy ny "doublon" an-tapitrisany tamin'ny fifidianana tamin'ny taona 2018, ny filohan'ny CENI vaovao ankehitriny anefa hoy izy nilaza fa tsy nisy an'izany. Midika izany hoy ny filoha Ravalomanana, fa efa hitanila sahady ity rafitra mpikarakara fifidianana eto amintsika amin'izao fotoana izao ity. Teo am-pamaranana, nirary soa ny vahoaka Malagasy tsy ankanavaka izy noho izao Asaramanitra izao: " faly aho tena faly tokoa ary misaotra an' Andriamanitra ny nanomezany indray ity taona vaovao ho fifampiarabahana sy ho firariantsoa niarahana amin' ireo havana sy mpiara-miasa ity. Mirary taona feno fahasoavan'ny Tompo ho antsika vahoaka malagasy rehetra aho. Homba antsika mandrakariva Andriamanitra ».



*Ny fifampiarahabana nahatratra ny taona vaovao teny Faravohitra ny sabotsy teo.*

***Isambilo***

Pro Ravalomanana any dilambato

# Nirary soa ny filoha Ravalomanana sy ny vahoaka Malagasy koa

Noho ny taona vaovao izao, nitondra firariantsoa ho an'ny Filoha Marc Ravalomanana, sy ny vahoaka Malagasy ny fikambanana Pro Ravalomanana any dilambato : "Andriamatoa filoha Marc Ravalomanana, amin'izao fivalonan'ny taona 2021 izao dia mahafaly anay vondrona miandany sy manohana anao (Pro Ravalomanana aty an-dilambato) izay ahitana ny TIM Frantsa, GTT Idf, GTT La Reunion, fikambanan'ny Vehivavy Vonona sy Sahy aty an-Dilambato (VVSD), ny mpiombona ao anatin'ny K25 Benelux sy Frantsa sy ny K2 ary ny Vondron'olon-tsotra, ny miarahaba anao sy ny ankohonanao ary ireo mpiara- miasa tsy ankanavaka sy ny Malagasy tsy vaky volo nahatratra ny farany.

Maro dia maro tokoa ny adidy miandry antsika rehetra fa indrindra ianao lohany izay andraindrain'ny vahoaka Malagasy ao antanindrazana sy aty andafin'ny riaka.

Ny taona vaovao izay ho diavintsika mantsy andriamatoa Filoha, dia kihondalana hanana lanja manokana hanomanana ny ho avin'ny firenena malalantsika.

Mafy tokoa ny sedra nandalovantsika Malagasy, nandritra iny taona 2021 izay nifarana iny kanefa araka ny foto-pisainana nampitainao manao hoe "Aza mora kivy fa sahia" (Never Give Up) dia vonona hatrany ny Pro Ravalomanana, hanohy ny asa efa natombony ho an'ny Tanindrazana iombonana.




Mirary anao sy ny ankohonanao, ny antoko sy ny mpiara-miasa ary ny vahoaka malagasy tsy ankanavaka: fahasalamana sy hery ary indrindra ho eo ambanin'ny fitahian' Andriamanitra mandrakariva amin'izao fiafaran'ny taona sy ny taona vaovao izao izahay.

Enga anie isika hiaraka handingana miaraka ny taona 2022 amin-kafaliana sy fanantenana tanteraka ho an'i Madagasikara malalatsika".

***Nangonin'i Niaina***

Kohene Rivolala

# Tezitra ny tontolon'ny fanahy, mety hifanesy ny loza amin'ny 2022

Mety hanao tohi-vakana ny kapoka sy ny voina maro samihafa ary ny loza voajanahary : ny mosary ; ny tsy fisian'ny ranon' orana na fahatongavan'ny rotsak'orana be loatra ; ny filatsahan'ny havandra sy ny varatra… eto Madagasikara, hanomboka amin'ity taona ity, satria tezitra amin'ireo mpitondra nifandimby ny tontolon'ny fanahy. Io no faminaniana ho an'ny taona 2022, ka hatramin'ny 2023 nomen'i Kohene Rivolala, mpitarika ny fiangonana « Hebraique Judaisme » eto Madagasikara, no sady filohan'ny antoko CCDM (Ctic Ctac Dou ho an'i Madagasikara) ny herinandro lasa teo. Nanohy fanazavana ny filohan'ny fiangonana « Hebraique Judaisme », fa ho taontsarotra ho an'ny fitondram-panjakana ny famitana an' ity taona ity, satria hifanehatra amin'ny tontolon'ny fanahy ireto farany, ka hifatotra ny tongotra aman-tanan'izy ireo, hany ka tsy hahatratra ny tanjona izay kendreny. Nilaza Andriamatoa Kohene Rivolala, fa nahatezitra ny tontolon'ny fanahy ny fanangonan'ny mpitondra nifandimby ny harem-pirenena ary ireo olombitsy ihany no mitavana ny vola, ka mampiasa izany any amin'ireo firenena any ivelany, fa tsy eto an-tanindrazana akory. Nanamafy ny filohan'ny antoko CCDM, fa ho betsaka ireo zavatra tsy ampoizina hiseho eto amin'ny firenena alohan'ny volana Jona 2022 sy ny volana Septambra 2022 ho avy izao. Nandroso soso-kevitra i Kohene Rivolala, fa tokony ho ravaina ao amin'ny Lapan'i Manjakamiadana io « Colisée » io ; tsy tokony hasiana politika maloto intsony ny fitantanana ny firenena ary hatsahatry ny mpitondra ny fanambakana ny olom-pirenena amin'ny fitantanana ny harenany ; tokony hoesorina ireo tsangam-bato sy vakoka vahiny, ka omena sehatra ireo vakoka maha Malagasy ; hatsahatra ny fanararaotam-pahefana ataon'ny fitsarana sy ny manam-pahefana ary ny mpitandro filaminana, izay mamadika ny fahamarinana noho ny fitiavam-bola tafahoatra ; tokony hijoro amin'ny maha Malagasy ny filoham-pirenena hiaro ny tanindrazana ary hanery ny olom-pirenena hiverina amin'ny fototra maha Malagasy amin'ny alalan'ny fanabeazana. Tsiahivina fa tany amin'ny Nosy « Sainte Marie » no nahazoan' i Kohene Rivolala an'ity faminaniana vaovao ity efa ho herinandro maromaro izay ary efa misantatra an'izany andro mandrahona sy mahaory izany ny filatsahan'ny varatra tany Tsiroanomandidy ; ny trangana voina an-dranomasina sy ny fianjeran'ny angidimby ary ny fahamaizan'ny tanàna tany Soanierana Ivongo ny faran'ny taona 2021 lasa teo, hoy izy.



*I Kohene Rivolala.*

***Razakambelo Franck***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

# Tsy miandry ny vakansin'ny governemanta ny covid-19


Manodidina ny resaka valanaretina coronavirus, izay hiditra amin'ny andiany faha-3 eto amintsika, aiza ireo vaovao atoandro sy isan-tapabolana? Hoy ny maro. Tany aloha tany, raha vao nanomboka niely, niparitaka ny laza ratsin'ny aretina Covid-19, dia samy nahatsapa ny rehetra, fa misy ny akombaovao nataon'ny filoha Andry Rajoelina na ny Praiminisitra Ntsay Christian isaky ny 15 andro manerana ny Nosy, sy manerana ireo haino amanjery samihafa. Tsorina anefa fa na dia nahazo vahana indray aza io valanaretina io tato ho ato, dia mbola tsy hita izay mba tompon'andraikitra mivantana toy ny C.C.O na O.N.N izay nanao izany, tsy mbola hita mazava koa izay lahateny isaky ny tapabolana fanaon' ny filoha, ka manahy ny maro sao dia tampoka eo indray ny fanaovana izany fahamailoana hivadika ho hamehana ara-pahasalamana izany, ka hanimba indray ny fiaraha-monina amin'ny ankapobeny.

Ny CTC Alarobia dia efa nosokafana indray natao toeram-pitsaboana, tsy maharaka ireo hopitaly sahaza, ary efa marobe ireo miahiahy amin'ny fiparitahan 'ny valanaretina andiany faha-3 ity, ny sisin-tany mbola misokatra malalaka, ny fanaovana aro vava sy orona mbola tsy voahaja, ary ny sasa tànana dia hita sy tsapa fa tsy ara-dalàna noho ity rano ity izay tapaka, tsy dia madio satria na ny savony ampiasaina aza dia efa nisondro-bidy ihany koa, ka manahirana ireo sahirana ara-pivelomana. Mazava araka izany fa ny ataon 'ny mpitondra mihitsy no mampiesona ny vahoaka amin'ny ankapobeny, ry zareo rahateo mbola vakansy, ny valanaretina anefa tsy miandry izay tsy hita amin'ny fialan-tsasatra any. Ankoatra izany, zatra ny manome baiko sy kabary fa tsy mijery izay foto-pahavoazana eny amin'ny fiaraha-monina izay tokony ho jerena malaky ny fitondrana Rajoelina.

***Beharo***

Pr Stephan Narison

# Milaza ireo faniriany hisy eto amintsika amin'ity taona 2022 ity



Naneho ny heviny mahakasika ny raharaham-pirenena, sy ny faniriany hitranga eto amin'ny firenena amin'ity taona 2022 ny mpikaroka, sady mpandinika ny raharaham-pirenena Pr Stephan Narison, izay manam-pahaizana Malagasy miasa any ivelany amin'izao fotoana izao. Iriana hoy izy tsy ho nofy sy rendrarendra intsony ny maquette sy velirano ary ho tena manara-penitra sy voahevitra ary ho voatontosa antsakany sy andavany ireo tetikasa kasaina hatao. Iriana ho tapitra ny fampanantenana poakaty, ny kolikoly sy ny trafika avo lenta. Tokony hazava ny fitantanana ny vola notrosaina sy ireo azo ary ho azo amin'ny covid-19. Tokony hitady vahaolana maharitra momba ny sosialim-bahoaka ny mpitondra, iadiana amin'ny fahantrana, ny kere, ny vidim-piainana,… fa tsy hamono afo amin'ireo famatsiana vonjy maika: Vary Tsinjo, Tsena Mora, Trano Mora, fanomezana samy hafa,… Tokony hiaro ny vahoaka sy ny zony ny mpitandro filaminana, fa tsy ho hery famoretana ary tsy hifidy tavan'olona sy harena ny fitsarana. Tsy tokony handany vola amin'ireo tetikasa tsy misy tombontsoa mivantana ho an'ny vahoaka, fa ho an'ny olom-bitsy manam-bola sy orinasa lehibe (telepherique) ny mpitondra. Ary tsy hamafy lainga sy tsy hanasara-bazana ny vahoaka Malagasy ny mpanao politika ary tsy hanao propagandy mandavataona intsony ny fitondrana. Ankoatra izany, mijoroa maneho ny hevitrao fa zonao izany, hoy Pr Stephan Narison. Teo ampamaranana, nirary soa ho an'ny vahoaka Malagasy koa izy: "hitondra soa, fahombizana, fahasalamana, fitiavana sy fitoniana ho antsika rehetra anie ity taona vaovao ity", hoy izy.

***Nangonin'Isambilo***